Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FAHAIZA-MIHAINO : MITONDRA NY MINO HO AMIN'NY FANDRESENA

*"Ary hoy Elia tamin' i Samoela : Andeha mandry ihany ; ary raha tàhiny miantso anao Izy, dia valio hoe : Mitenena, TOMPO ô, fa **mihaino** ny mpanomponao …" (1 Samoela 3, 9).*

A. FAMPIDIRANA :

Ny teny hoe MIHAINO dia verbe actif. Mitaky asa izany, dia ny fihainoana.
Raha miresaka ny hoe MIHAINO isika dia misy zavatra 3 na 4 mila ho faritana ao :

- ilay zavatra henoina (MESSAGE),
- ny olona nilaza na nipoiran'izany zavatra henoina izany (EMETTEUR),
- mety hisy ny olona mpampita izany message izany (TRANSMETTEUR),
- ary ny olona mandray izany message izany (RECEPTEUR).

1. Famaritana tsotra :

Manana ny zavatra kendreny (intention) izany ny émetteur ary manana ny fomba fandraisany azy (interpretation) ny récepteur. Tsy voatery hitovy na hifanaraka ireo. Ary izay no mahasarotra ny communication. Ny hojerentsika androany di any hoe moa ve nahay nihaino tsara izay nolazaina taminy ve ilay récepteur ? Ilaina manko izay mba hahazoany tsara izay ambara aminy (champ d'application : réception du message du Seigneur notre Dieu).

2. Ny elanelana :

Ny elanelana (d na distance) misy eo amin'ilay émetteur sy ny récepteur dia mety hampiova ny hafenoany na ny hatsaran'ny message voarain'ilay récepteur. Mba hanafaingana ny fampitan-dresaka na hanitsiana io elanelana io dia mety hisy ny fampiasana transmetteur.

3. Ny akon'ilay message tao amin'ny récepteur :



Ny akon'ilay message voarain'ny récepteur no lazaina amin'ny hoe retroaction na feed-back eto.
Izany retroaction izany dia miankina indrindra amin'ny asa novokarin'ilay message tao amin'ilay récepteur.

B. IREO ZAVA-MANAHIRANA AMIN'NY FIHAINOANA :

Misy karazany 4 mateetika ny zava-manahirana amin'ny fihainoana : ny filàna, ny faniriana, ny logique ary ny kolotsaina sy/na ny fomba.

1. Pyramide de Maslow (1940) ou Pyramide des besoins (filàna) :



2. Tableau des désirs (faniriana) selon Epicure (an 341 avant Jésus-Christ) :

Désirs naturels				Désirs vains	
Nécessaires			Simplement naturels	Artificiels	Irréalisables
Pour le bonheur (absence de troubles)	Pour la tranquillité du corps (absence de troubles corporels)	Pour la vie (nourriture, sommeil)	Variation des plaisirs, recherche de l'agréable	ex. : richesse, gloire	ex. : désir d'immortalité

3. Ny ady amin'ny tena mba hahafahana mihaino :

3. 1. Ny ady amin'ny filàna (besoins) :

Raha tsy satisfaits ireo besoins basiques dia mazàna sarotra ny hizoran'ny olona amin'ny lalana ambony kokoa, arak any ambaran'ny Jakoba 2, 15-16 rahateo :
15 Raha misy rahalahy na anabavy tsy manan-kitafy sady tsy manan-kohanina isan-andro,
16 ka misy aminareo manao aminy hoe: Mandehana amin' ny fiadanana, mamindroa, mivokisa, kanefa tsy omenareo azy tsinona izay tandrifiny ho an' ny tenany, inona moa no soa azo amin' izany ?

3. 2. Ny ady amin'ny faniriana (désirs)

Ny faniriana dia tsy zavatra tsy maintsy azo satria ilaina amin'ny fiainana toy ny filàna fa zavatra iriana mba hampirindra sy hampilamina ny fiainana araka ny fiheveran'ny tena azy, ka hananana fahafinaretana. Ny fikatsahana fatratra ny hahatanteraka io faniriana io no mahatonga ny olona ho be caprices.

Ndeha hovakiantsika ny Jer. 43, 1-13 :

> **1** Ary rehefa tapitra voalazan' i Jeremia tamin' ny vahoaka rehetra izany teny rehetra avy tamin' ny TOMPO Andriamaniny izany, izay nanirahan' ny TOMPO Andriamanitra azy holazaina aminy, **2** dia niteny Azaria, zanak' i Hosaia, sy Johanana, zanak' i Karea, mbamin' ny olona mpirehareha rehetra ka niteny tamin' i Jeremia hoe: Mandainga hianao; fa tsy naniraka anao ny TOMPO Andriamanitsika hilaza hoe : **Aza mandeha hivahiny any Egypta** ; **3** fa Baroka, zanak' i Neria, no nanome fo anao hamely anay mba hanolotra anay ho eo an-tànan' ny Kaldeana hahafaty anay sy hahalasa anay ho babo any Babylona.
> **4** Ary Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra ary ny vahoaka rehetra **dia tsy nihaino ny feon' ny TOMPO** ny amin' ny honenany ao amin' ny tanin' ny Joda. **5** Fa Johanana, zanak' i Karea, sy ny mpifehy ny miaramila rehetra dia nitondra ny sisa rehetra tamin' ny Joda, izay niverina avy tany amin' ny firenena rehetra nandroahana azy honina ao amin' ny tanin' ny Joda, **6** dia ny lehilahy sy ny zaza amim-behivavy sy ny vehivavy zanak' andriana ary ny olona rehetra izay navelan' i Nebozaradana, lehiben' ny mpiambina, tao amin' i Gedalia, zanak' i Ahikama, zanak' i Safana, sy tao amin' i Jeremia mpaminany sy Baroka, zanak' i Neria **7** ka dia **nankany amin' ny tany Egypta izy ireny, fa tsy nihaino ny feon' ny TOMPO**, ary

dia tonga hatrany Tapanesa.
8 Dia tonga tamin' i Jeremia tao Tapanesa ny tenin' ny TOMPO hoe :**9** Mitondrà vato lehibe eny an-tananao, ka afeno ao amin' ny feta ao amin' ny gorodona taila, izay eo akaikin' ny vavahady amin' ny tranon' i Farao ao Tapanesa, eo imason' ny lehilahy amin' ny Joda, **10** ka lazao aminy hoe : Izao no lazain' ny TOMPO, Tompon' ny maro, Andriamanitry ny Isiraely : Indro Aho haniraka haka an' i Nebokadnezara, mpanjakan' i Babylona, mpanompoko, ka haoriko amin' ireto vato nafeniko ireto ny seza fiandrianany ; ary hamelatra ny lambany tsara tarehy hatao alokaloka eo amboniny izy. **11** Eny, ho avy izy hamely ny tany Egypta, ka izay ho amin' ny areti-mandringana dia ho amin' ny areti-mandringana, ary izay ho amin' ny fahababoana dia ho amin' ny fahababoana, ary izay ho amin' ny sabatra dia ho amin' ny sabatra. **12** Ary handrehitra afo ao amin' ny tranon' ny andriamanitr' i Egypta Aho, ka dia hodorany sy hobaboiny ireo, ary hitafy ny tany Egypta izy toy ny fitafin' ny mpiandry ondry ny lambany ; ary hiala any amin' ny fiadanana izy. **13** Ary hotorotoroiny ny tsangam-baton-tsampy ao Beti-semesy, izay any amin' ny tany Egypta ; ary hodorany amin' ny afo ny tranon' ny andriamanitr' i Egypta.

Mbola nampilaza an'i Jeremia hatrany ny TOMPO fa tsy vahaolana velively ny fankanesana any Egypta satria dia hotanterahany hatrany izay efa nolazainy raha tsy manaraka ny toro-heviny ny Zanak'Israely. Jambena tamin'ny fahitana ny zava-tsoa tany Egypta ireto Jiosy ireto (faniriana) ka nihevitra fa hahita fitsaharana amin'izany. Zava-dehibe anefa ny fanarahana ny Tenin'Andriamanitra, ka ny fandavana izany dia miteraka loza (*"Ity firenena ity manaja Ahy amin' ny molony fa ny fony kosa lavitra Ahy" hoy i Jesosy ao amin'ny Marka 7, 6 sy //*). Matetika isika dia mitady vahaolana tefi-maika ka tsy mihevitra afa-tsy izay hita-maso toa manaitaitra fotsiny. **Mila mahay mihaino sy mahatoky an'Andriamanitra hatrany anefa isika, ka hahay mametraka ny ambo-pontsika sy hanetry tena eo anatrehany ka hibanjina ny ho avy araka ny sitrapony.**

Raha bangoina dia tena mila miady ary mandresy ny désirs ny mino vao mahay mihaino satria mety hifanohitra ny faniriany sy ny akon'ny message reny. Ka dia tena ady anaty no ambara amin'izany.

3. 3. <u>Ny ady amin'ny logique-n'olombelona</u> :

Raha ny Tenin'Andriamanitra no jerena dia maro ny zavatra ambarany no tsy mifanaraka amin'ny logique-n'ny olombelona. Izany dia mety ho sakana iray tsy ivelomany amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ndeha hovakintsika, ohatra, ny Teny ao amin'ny Jeremia 12, 1 : Raha mifandahatra aminao aho, Jehovah ô dia lanao no marina. Nefa kosa aoka ihany mba handahatra aminao aho : Nahoana àry no ambinina ny lalan' ny ratsy fanahy ? Nahoana no miadana ny mpiodina rehetra ?

3. 4 <u>Ny ady amin'ny kolotsaina na/sy ny fomba</u> :

Ny ady amin'ny kolotsaina na/sy ny fomba koa dia tena ady mangotraka mihitsy satria ady atao amin'ny fiaraha-monina izany ka tena mitondra fahasahiranana goavana. "Tsy ny tany no fady fa ny vavam-bahoaka" hoy ny fitenintsika Malagasy.

D. <u>MAHAY MIHAINO = MANKATO na MITANDRINA</u> :

1. <u>Mitaky fankatoavana ny fahaiza-mihaino</u> :

Na eo amin'ny fitaizana na eo amin'ny finoana, ny MIHAINO = MANDRE + MANKATO. Izany no ilazantsika fa zaza hendry ny mpianatra mihaino izay lazain'ny mpampianatra na ny ray aman-dreniny azy. Jereo koa ny ambaran'ny Jakoba 1, 22 manao hoe : "**22** Fa aoka ho mpankatò ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo".

Mitaky **fankatoavana** izany ny fahaiza-mihaino. Ary zava-poana ny fihainoana tsy arahim-pankatoavana.

Mba hahatanteraka izany dia mila :

- Mihaino ny message nomena azy ny olona,
- mandinika ny message reny izy,
- **MANKASITRAKA** izany izy,
- manana fandavan-tena (mandresy amin'ny ady voalaza tetsy ambony), ary
- mampihatra izany eo amin'ny fiainany.

2. <u>Mahay mihaino ny Tenin'Andriamanitra ny mino</u> :

Ivereno sary pejy 1 + faran'ny D 1.

Mila mihaino sy mandinika ary mankasitraka ny Tenin'Andriamanitra ny mino. Ireo no étapes voalohany. Mila vitany ireo aloha vao afaka mampihatra izany eo amin'ny fiainany izy satria tena mila fandavan-tena avy aminy izany fampiharana izany.

HAY
MIHAINO = MI---------NO

Tahaka an'i Abrahama ao amin'ny Genesisy 22, 2 sy 12 ary 15-18 :
2 Ary hoy Izy : Ento ny zanakao, ny lahitokanao, izay tianao, dia Isaka, ka mankanesa any amin' ny tany Moria ; ary atero any izy ho fanatitra odorana ao amin' ny tendrombohitra anankiray izay holazaiko aminao.
12 Dia hoy Izy : Aza maninjitra ny tànanao amin' ny zazalahy, ary aza maninona azy akory ianao ; fa hitako izao fa matahotra an' Andriamanitra ianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao.
15 Dia niantso an' i Abrahama fanindroany tany an-danitra Ilay Anjelin' i Jehovah **16** ka nanao hoe : Ny tenako no nianianako, hoy Ny TOMPO : Satria nanao izany zavatra izany ianao ka tsy niaro ny zanakao, ilay lahitokanao, **17** dia hitahy anao tokoa Aho ary **hahamaro dia hahamaro** ny taranakao, ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra sy ho tahaka ny fasika izay any amoron-dranomasina ; ary ny taranakao **hahazo ny vavahadin' ny fahavalony** ;
18 ary amin' ny taranakao no **hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany**, **satria nanaiky ny teniko ianao**.

Fitahiana no isehoan'ny fandresen'ny mino izay mahay mihaino ny Tenin'Andriamanitra : Fitahiana omen'Andriamanitra azy izany. Mampahatsiaro izany ny 1 Petera 5, 2-4 manao hoe : **2** Andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo [Na: izay andraikitrareo], mitandrina azy tsy an-tery, fa amin' ny sitrapo [araka an' Andriamanitra] ; tsy amin' ny fitiavana harena maloto, fa amin' ny zotom-panahy ; **3** tsy ho mpanjakazaka, amin' ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran' ny ondry. **4** Ary rehefa miseho ny Lohan' ny mpiandry, **dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo**.

3. <u>Ilaina koa ny fahaizan'ny mino mihaino ny hafa</u> :

Adidin'ny kristiana koa ny mahay mihaino ny olona. Ary izany dia mitaky fahatokisany tanteraka an'Andriamanitra Tompo sy fahafantarany izany mpiara-belona aminy izany. Fa ny fahaizana mihaino azy dia mety ho midika koa fanolorana azy izany tena ilainy.

Andriamanitra Tompontsika no manao izany amintsika, araka ny ambaran'ny Isaïa 50, 4-5 manao hoe : **4** Ny TOMPO nanome Ahy ny lelan' ny efa mahay [Heb. efa nampianarina], mba hahaizako manao teny hampahatanjaka izay reraka ; ampandrenesiny isa-maraina isa-maraina, eny, ampandrenesiny ny sofiko hihaino tahaka ny efa mahay [Heb. efa nampianarina]. **5** Ny TOMPO nanokatra ny sofiko, ary Izaho tsy naditra na nihemotra.

Andraikitra apetrakin'Andriamanitra Tompo amintsika izany mba hahazoantsika olona maro hibebaka ka hiverina eo amin'ny Tompo, arak any voasoratra ao amin'ny **Romana 15, 1-2 sy 5-7 manao hoe :** **1** Fa isika izay matanjaka dia tokony hitondra ny fahalemen' ny malemy ka tsy hitady izay hahafaly ny tenantsika ihany. **2** Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika amin' izay hahasoa sy hampandroso azy. … **5** Fa Andriamanitry ny faharetana sy ny fiononana anie hampiray hevitra anareo araka an' i Kristy Jesosy, **6** mba ho saina iray sy vava iray no hiarahanareo mankalaza an' Andriamanitra, Rain' i Jesosy Kristy Tompontsika. **7** Koa mifandraisa ianareo tahaka ny nandraisan' i Kristy anareo [Na: (antsika)] koa ho voninahitr' Andriamanitra.

Ny tantaran'ny fiovam-pon'i Saoly ao amin'ny **Asan'ny Apostoly 9** dia mampiseho fa ny fahaiza-mihaino ny Tenin'ny Tompo (and. 10-16) no nitondra ny olom-piangonana (Ananiasy) hahay mitaona koa ny fahavalom-piangonana (Saoly) ho amin'ny fiovana (and. 17-22) : **10** Ary nisy mpianatra anankiray tany Damaskosy, atao hoe Ananiasy ; ary hoy ny Tompo taminy tamin' ny fahitana : Ry Ananiasy. Dia hoy izy : Inty aho, Tompoko. **11** Ary hoy ny Tompo taminy : Mitsangàna, ka mandehana any amin' ny lalana atao hoe Imahitsy, ka izahao ao an-tranon' i Jodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarsosy ; fa, indro, efa mivavaka izy ; **12** ary izy efa nahita lehilahy atao hoe Ananiasy niditra ka nametra-tanana taminy, mba hahiratra indray ny masony. **13** Ary Ananiasy namaly hoe : Tompoko, efa reko tamin' ny maro ny haben' ny ratsy nataon' izany lehilahy izany tamin' ny olonao masina tany Jerosalema. **14** Ary manana fahefana atỳ koa avy tamin' ny mpisoronabe izy hamatotra izay rehetra miantso ny anaranao. **15** Fa hoy ny Tompo taminy : Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny Anarako eo anatrehan' ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak' isiraely ; **16** fa hasehoko azy ny habetsahan' izay tsy maintsy hiaretany ho voninahitry ny Anarako.
17 Ary nandeha Ananiasy ka niditra tao an-trano, dia nametra-tanana taminy ka nanao hoe : Ry Saoly **rahalahy**, ny Tompo, dia Jesosy Izay niseho taminao teo amin' ny lalana nalehanao, no efa naniraka ahy, mba hahiratan' ny masonao, ary mba ho feno ny Fanahy Masina ianao. **18** Ary niaraka tamin' izay dia nisy zavatra toy ny kiran' ny hazandrano niala avy tamin' ny masony, dia nahiratra izy ka nitsangana, dia natao batisa ; **19** ary nihinan-kanina izy ka dia natanjaka.
Ary Saoly nitoetra andro vitsivitsy teo amin' ny mpianatra tany Damaskosy. **20** Ary niaraka tamin' izay dia nitory teo amin' ny synagoga izy ka nilaza an' i Jesosy fa Zanak' Andriamanitra. **21** Ary talanjona izay rehetra nandre ka nanao hoe : Tsy ity va ilay nandringana izay niantso izany anarana izany tany Jerosalema ? ary tonga atỳ koa izy mba hitondra azy mifatotra ho any amin' ny mpisoronabe. **22** Ary Saoly mainka nihahery, dia nandresy lahatra ny Jiosy izay nonina tany Damaskosy ka naneho marimarina fa Jesosy [Gr. Ity] no Kristy.

E. FAMARANANA :

« Mamafy izay miteny, mijinja kosa izay mihaino » hoy ingahy Pythagore (an 530 avant Jésus-Christ).

Ny fahaiza-mihaino dia talenta mila ianarana sy ampitomboina ho an'ny kristiana. Izany fahaiza-mihaino ny hafa izany anefa tsy azo raha tsy mahay mangina aloha ny tena sy mampangina izay tiana ho tenenina mba ahafahan'ny hafa maneho izay heviny sy tiany hotenenina.

Maro ny olona izay, na dia ampandrenesina ny Tenin'Andriamanitra ombieny ombieny aza, minia mikimpy sy minia tsy mandre izay sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny lalana tokony hizorany. Manana ny efa eritreretiny ireny olona ireny ka te-hohamarinina amin'ny zavatra efa hita fa tsy mety hataony.

Lava izay resaka androany izay. Koa dia izao àry no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra aminao anio : "Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain' ny Fanahy amin' ny Fiangonana" (Apokalypsy 2 sy manaraka). Amen !

Pasitera DONALD GIZY RATIAMBAHOAKA.